DONNAVVENTURA 2011

Italianina 7 vavy hitety an'i Madagasikara

I Madagasikara irsray no firenena handray ilay mpamokatra fandaharana amin'ny televiziona italianina «*Donnavventura*». Hanatanteraka fitetezam-panira eto amintsika ny «*Donnavventura*», ny 23 aogositra hatramin'ny 1 oktobra izao, izany hoe, mandritra ny iray volana sy tapany eo ho eo. Italianina fito vavy (Giorgia, Jennifer, Margherita, Michela, Veronica sy Ana ary Chiara) no voafantina tamin'ireo tanora anarivony nilatsaka hofidina tany Italia, hiatrika ity fitsidihana borakelina an-tsary ity. Marihina fa midika hoe vehivavy mandehandeha sy tia karokaroka (aventure) no dikan'ny teny italianina Donnavventura.

Ireo vehivavy italianina tsara bika sy endrika hanatanteraka ny fizahana an'i Madagasikara.

Fiara 4 x 4 efatra, mitondra ny marika Mitsubishi, avy amin'ny orinasa mpaninjara Sicam no hampiasaina, ny Air Madagascar no mpiara-miombon'antoka amin'ny fitaterana an'habakabaka anatiny, ny Hotelplan no hikarakara ny fiantranoana. Mpiara-miombon'antoka amin'ny fanatontosana ny fandaharana kosa ny Ofisim-pirenen'ny fizahantany eto Madagasikara (Ontm).

Hitety ny toerana mahasarika mpizahatany

Ny tapany Atsinanana (Sainte Marie) no handehanan'izy ireo voalohany miala eto Antananarivo, avy eo mihazo ny ilany Atsimo (Morondava, Tsingin'i Bemaraha, Ambalavao, Ranohira, Isalo, Toliara) ary miampita any amin'ny ilany Avaratra (Antsiranana, Nosy Be) ary faranana eto Antananarivo. Tanjon'ny «*Donnavventura*» ny hizaha ny Ranomasimbe Indianina izay miala eto Madagasikara mankany, Dubai, Emirats Arabes Unis ary Oman.

Tafiditra ao anatin'ny famporoboroboana ny fizahantany eto Madagasikara ity hetsika iray ity. Amin'ny ankapobeny, miarin-doha tsikelikely ity sehatra ity na eo aza ny krizy politika tsy miay farany. Nahatratra 17.644 ny italianina nitsidika teto amintsika tamin'ny taona 2010, manome 9%-n'ny mpizahatany manontolo, ary laharana fahatoa aoriany frantsay sy ny renioney. Tamin'ny eniminbolana voalohany an'ity taona ity, 100.692 ny vahiny tonga teto Madagasikara, raha 86.803 ny tamin'ny taon-dasa nandritra io fe-potoana io, nahitana fitomboana 16%.

Njaka A. sy Miary Narindra